FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
(EGLISE LUTHERIENNE MALAGASY - MALAGASY LUTHERAN CHURCH - GASSIK LUTHERSK KRKE
NY SYNODA LEHIBE (S.L.)
(Le Synode Général - The General Synod - General Synoden)
NY FILOHA - LE PRESIDENT - THE PRESIDENT
Jesosy irery ihany

9, Rue RAKOTONIRINA Stanislass
ISORAKA (Ex Rue de Belgique)
B.P.: 1741 - 101 Antananarivo
Madagascar

Tél : 032 65 172 28
033 37 987 73 / 034 39 602 58
E-mail : filohaflm2016@gmail.com
www.flm-foibe.orge

BNI Analakely Antananarivo
N° 00005 00001 031 003 8 020 0 81
N° 00005 00001 026 835 4 020 0 58

N° 092/05.020/Pdt-FLM

Antananarivo, 12 Mai 2020

"... ary hampitombo ny vokatry ny fahamarinanareo!" II Kor.9:10b

Ho aminareo anie ny fiadanana!

TARATASY PASTORALY MAY 2020

Nehemia 2:17-18 "*Ary hoy izaho taminy: Hianareo mahita ny fahoriantsika, fa rava Jerosalema ary nodoran'ny afo ny vavahadiny;* ***koa andeha isika hanangana ny mandan'i Jerosalema, mba tsy ho latsa intsony isika****. Ary hoy izy: Eny, aoka ary isika hitsangana ka handrafitra azy. Koa dia nampahery ny tànany hanao izany soa izany izy.*"

Nantsoina hanangana ny Jerosalema, ny Tempoly rava Nehemia sy ireo namany.
Antsoina koa isika hiatrika ny fanangana ny rava vokatry ny COVID19! Tena betsaka ny olana atrehina vokatry ny Covid19.

Iray amin'ireny ny olana mavesatra ara-toe-karena. Samy mijafajafa daholo na ny firenen-dehibe aza. Misy fiantraikany mavesatra aty amintsika efa tany mahantra rahateo izany! Koa ity taratasy Pastoraly ity dia fiantsoana antsika hiray hina, hiaraka miezaka. Hase hontsika fa Malagasy Kristiana isika: Mita be tsy lanin'ny mamba, akanga maro tsy vakin'amboa! Kamboty miray hina ka sarotra hatao malahelo. Hasehontsika miharihary fa ny valala iray aza hifanapahana. Toe-tsaina tena lalipaka tamin'ny Malagasy izany fa simba noho ny antony maro. Isan'ireo very tsy maintsy ho tadiavina. Isika no hanandratra izany miaraka amin'ny toe-tsaina Kristianina tsy manome toerana ny FIHATSARAMBELATSIHY fa ny FITIAVANA MARINA! Mila ny FINOANTSIKA! Anolorana ny ASANTSIKA izao ezaka ataontsika izao! Taridalana sy fanabeazana ihany izao ataontsika miatrika ny COVID19 sy ny vokadratsiny izao, fa ny fahatongavana amin'ny KITAPO IOMBONANA no TANJONA MAZAVA ho tratrarintsika! Nanao antso isika, toy ny fiangonana maro mpikambana ao amin'ny LWF. Nandefa fangatahana isika ary inoana fa hahazo valiny ENY ilay 5000 Euros efa nifampiresahana mazava koa. Hanampy antsika izany ireo Fiangonana namantsika any ivelany na dia ho zavatra faran'izay kely izany! Ny politika Iraisam-pirenena misy ankehitriny dia milaza fa manomboha aloha hianareo manampy ny tenanareo dia iny no hohatevenina. Efa mitarika anefa izy izao fa hanohana antsika na dia tosika faran'izay kely tokoa aza. Koa dia manao **ANTSO AVO** izahay: Andeha isika hiray hina ka samy hanao izay zakantsika mba hifanampiantsika samy Malagasy!
Ezahintsika ho vitaina ato anatin'ny iray volana izany. Raha mba tara indrindra dia mba ho voaraintsika daholo ny ezaka rehetra ataontsika hatramin'ny faran'ny volana Jiona 2020. Aorian'izay dia hiroso amin'ny fizarana ny tapa-balala isika! Hohamarintsika eto fa erikerika maha-tondra-drano. Koa ny faneken'ny rehetra handray anjara no zava-dehibe. Tsarovy ilay Mpitondratena, nanome vola kely nefa dia ny hareny manontolo izany, Mar.12:42; Lio.21:2. Aza hadino ilay zazalahy nanome mofo dimy sy hazandrano roa nefa nahavoky ny 5000 lahy, Mat.14:17; Lio.9:13: Jao.6:9.

Aza ho isan'izay tsy te hanao na tsy handray anjara fa mandraisa anjara mavitrika ary aoka hampandray anjara ny Kristianina rehetra isika Pastora!

EZAKA FANOHANANA PASTORA amin'ny ady amin'ny CORONAVIRUS sy ny voka-dratsiny no ataontsika fa tsy fananganana ny Tempoly ao Jerosalema ka aoka isika hiray hina sy hiaraka hiezaka tahaka an'i NEHEMIA sy ireo mpiara-dia aminy.

Toy izao no fomba arahintsika ahatratrarana ny tanjona:
1-Efa misy olona vitsy vonona hitarika rehefa nifampiresaka izahay. Nikambana ho hery hanohana ny Pastora ireo ary miaraka mikaroka ny hevitra sy manao ny fomba rehetra hampahombiazana izany hevitra tena tsara sy mahasoa ny Pastora FLM izany.
2-Anaovana antso ny namana rehetra na eto an-toerana na any ivelany, na ny FLM na ny hafa mba hiaraka mientana.
3-Nosokafana ireto kaonty ireto mba ahazoan'ny rehetra mandray anjara araka izay mety aminy sy tsy manahirana azy indrindra nefa ahafahany maneho FITIAVANA LEHIBE:

- BOA MADAGASIKARA: RIBA N° 0000 9050 0023 1832 8000 655, SWIFT: AFRIMGMGXXX MGA, mba ho afaka mandrotsaka seky izay vonona ary asaina am-pitiavana mba hisy hanao sy hahavita be. FANOHANANA PASTORA FLM, 9, RUE RAKOTONIRINA Stanislas, ISORAKA, FOIBE FLM. BP 1741 - Antananarivo 101
- **Mvola:** +261 34 12 642 45, FOIBE FLM, ho an'izay efa zatra mikirakira izany, toa hita ho efa be mpampiasa ihany ny TELMA ary ampirisihina isika hanao izay azontsika atao.
- **Airtel Money**: +261 33 91 901 51, FOIBE FLM, ho anareo izay efa niaina sy vonona hanaraka ny AIRTEL. Isaorana anareo tsy misalasala mampiasa izany ho an'ny FANOHANANA NY PASTORA FLM.
- **Orange Money**: +261 32 86 458 39 FOIBE FLM, tsy vitsy isika no mpampiasa ORANGE. Ahitana fahombiazana ho fanohanana ny Pastora FLM koa io.
- **PAOSITRA MONEY:** FANOHANANA PASTORA FLM, 0026123183280006, ZAVATRA METY HO VAOVAO amin'ny maro ity nefa ahatonga antsika lavitra tokoa. Faniriana ny hoe: Samy hanana kaonty amin'ity daholo isika rehetra ary tena ahitana fahombiazana satria tsy misy sarany avokoa ny fandraisam-bola rehetra ataontsika amin'ity fomba ity, raha eny amin'ny Biraon'ny Paositra Malagasy. Tena izay mora indrindra kosa raha ny fametrahana vola ao amin'ny Paositra Money. Ianareo rehetra handrotsaka vola mivantana amin'ity Kaonty FANOHANANA PASTORA FLM ity dia tsy misy sarany na ariary aza.
- **Western Union**: RANDRIANANTENAINA Bien Aime, +261 34 12 642 45, FOIBE FLM, no hampiasainareo rehetra any ivelany satria fantatray fa vonona handray anjara mavitrika tokoa ianareo any.
- **Emadex**: RANDRIATSIFERANA Simon Robison, Paositra Money 0026123183280006, FANOHANANA PASTORA FLM.
- **Cagnotte Crouwdfunding** iarahana amin'ny **Leetchi**: EZAKA FANOHANANA PASTORA FLM www.leetchi.com/c/ezaka-fanohanana-pastora-flm-covid19 Manainga anareo rehetra afaka mampiasa izany mba hanao ranolava hitondra ny vokatry ny FITIAVANAREO!

Noho ny fitantanana madio sy mangarahara dia azo arahina tsara ny fitantanana ireo kaonty rehetra ireo.
Azo jerena mandrakariva koa ireto:
www.flm-foibe.org
FB: FIANGONANANA LOTERANA MALAGASY
Hiverina kely aho hanazava ity zavatra vaovao momba ny PAOSITRA MONEY ity: Nanaiky hiaraka amintsika ny Paositra Money.
Manoloana ny Covid19 dia maro ny fangatahana voaray. Betsaka ny tolo-kevitra tonga. Efa maro noho izany ny dingana vita tamin'ny fifampiresahana amin'ny Airtel Money, ny Telma ary ny Orange. Namaranana ny dinika ny fiaraha-miasa amin'ny Paositra Money. Samy manana ny HANITRA ho azy ireo nefa samy ilaintsika FLM.

Miezaka aloha isika hiatrika ny vokatra mavesatra ara-toe-karena nateraky ny Covid19. Hanaovantsika ezaka manokana ny FANOHANANA PASTORA. Mbola ho hitantsika miandalana io. Ny Paositra Money no fampiasana vola elektronika mora sy azo antoka kokoa ankehitriny. Tsy milaza isika hoe ho lavina ny hafa fa samy manana ny azy ireo.

Manaiky ny Paositra Money fa hanao ny asa ahazahoan'ny FLM mizara na mandefa vola araka izay ilana izany: fanampiana amin'izao COVID19 izao, Karama rehefa vonona ny fandaminana rehetra momba izany, fisotroan-dronono. **Tehirizina tsara ny laharan'ny kaonty, ny Teny miafina sy ny lakile nomen'ny Paositra.**
Tsy ho an'ny Pastora ihany io fa ho an'ny Kristiana rehetra, ho an'ny fiangonana, Fitandremana, Fileovana, SP ary ny Foibe. Manana ny kaonty ho azy manokana koa ny Sampam-pikambanana sy Sampan-draharaha ary ny Fandrindrana, araka izay tiany avy fa tsy didy.

Manaiky ny Paositra Money fa isika FLM araka ireo voatanisa teo aloha ireo dia afaka manao MPANINJARA ity Paositra Money ity. Misy vola miditra ho antsika araka izany koa ity. Mbola mila fandaminana aty amintsika io fa efa milamina ny an'ny Paositra.

Manaiky isika FLM: Kristiana tsirairay, fiangonana tsirairay, Fitandremana, Fileovana, SP tsirairay, Sampam-pikambanana, Sapan-draharaha sy ireo Soritr'asa ao aminy, Fandrindrana, Foibe FLM, araka ny safidin'ny tsirairay fa tsy misy antery na didy fa hisitraka ireo tombotsoa ireo sy hanatanteraka ny adidy mifanaraka amin'izany.

Araka izay azo atao dia mbola hisy ny fanofanana teknika hataon'ny Paositra amin'ny toerana sy fotoana ilana izany mba hazava sy ho mora kokoa ny fanatanterahana.
Misaotra antsika Pastora rehetra mitarika ny Fiangonana, ny Kristiana tsirairay mba hazoantsika miroso amin'ny FAMPANDROSOANA antsika!

Isika Pastora no tsinjovina manokana izao, isika no mpitarika, mpampianatra, mpanentana ny Kristiana. Manantena indrindra ny EZAKA ataonareo rehetra tsy ankanavaka!
Azontsika ifidianana izay fomba mety sy tandrify ny Kristiana tsirairay amin'ireo fomba maro be atolotray ireo fa ny tsy manao mihitsy na hoe mandà tsy handray anjara no olana.
I Korintiana 16:14 *"Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny* ***fitiavana*****.**"

Manao veloma amin'ny anaran'i Jesosy!

Pastora Dr RAKOTONIRINA David,
Filohan'ny FLM